## AZO ATAO VE NY MITOROTOROKA FOANA KANEFA TSY MISY AKORY ILAY TRANGA ?

> **TSIA**, ny fitorotorohana foana tsy misy fandikan-dalàna kolikoly na ireo endrika fandikan-dalàna mitovy aminy akory dia raisina ho heloka fiampangana tsy mitombina izay voatondro sy sazian'ny fehezan-dalàna famaizana **(and.373.1)**

> Izany dia ho fiarovana ny olona amin'izay mety ho toe-tsaina ratsy ananan'ny hafa te-hitorotoroka fantany fotsiny kanefa tsy mitombina andaniny, ary mba tsy hanavesatra ny asa iantsorohan'ireo manam-pahefana mahefa amin'ny fandraisana ireny fitorohana ireny

## NA IZANY AZA ANEFA DIA :

Entanina izay rehetra iharan'ny trangana kolikoly na vavolombelona nahita izany mba hitory na hitoroka ireny tranga ireny hamongorana ny kolikoly sy hanamafisana ny maha Fanjakana tan-dalàna antsika.

## MARINA VE FA NY LALANA MIKASIKA NY ADY ATAO AMIN'NY KOLIKOLY DIA NATOKANA HO AN'IREO VAHOAKA MADINIKA MPANAO KOLIKOLY FOTSINY IHANY ?

**TSIA**, ny lalàna dia natao ho an'ny rehetra tsy misy ankanavaka na iza izy na iza.

## FA MANINONA ISIKA NO MIADY AMIN'NY KOLIKOLY ?

SATRIA NY KOLIKOLY dia:
- Mampitombo ny fahantran'ny vahoaka;
- Manafoana ny fitovian-jo izay ananan'ireo rehetra manan-draharaha eny anivon'ny Fanjakana;
- Mamono ny fifaninana ara-barotra eo amin'ny samy mpandraharaha ara-ekonomika;
- Manohitohina ny fandrosoana ara-ekonomika.

## AN'IZA ARY NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY ?

AN'NY REHETRA dia:
- ny Fanjakana izay manana ny fahefana rehetra iadiana amin'izany (lalàna, olona, vola);
- ny fiaraha-monina izay tokony hijoro handà kolikoly mba tsy ho fiainana isan'andro izany;
- isika tsirairay avy mba tsy hisaina hanao kolikoly mihitsy ary sahy mitoroka izany raha sendra iharany na mahita tranga.

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

---------------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# NY ADY ATAO AMIN'NY KOLIKOLY

# (LUTTE CONTRE LA CORRUPTION)

**LALANA MIFEHY**

Lalàna laharana faha 2016-020 tamin'ny 22 aogositra 2016 mikasika ny ady atao amin'ny kolikoly

## INONA NO ATAO HOE KOLIKOLY ?

Araka ny famaritana nomen'ny « Transparency International » dia fampiasana ny fahefana izay anananao mba ahazoanao tombontsoa manokana.

## AIZA AVY NO METY AHITANA NY KOLIKOLY ?

Na eo amin'ny sehatra ara-panjakana na eo amin'ny sehatra tsy miankina dia mety ahitana izany avokoa.

## IREO KARAZANA KOLIKOLY NA IREO FANDIKAN-DALANA MANANA ENDRIKA KOLIKOLY MAHAKASIKA NY VAHOAKA :

1- **Ny heloka kolikoly ara-bakiteny :**

- **Ny kolikoly manome :**
Fanomezana na fampanantenana tolotra na tombontsoa tsy ara-dalàna ataon'ny olona amin'ny tomponandraiki-panjakana voatendry na voafidy mba hanatontosan'ity farany na tsia asa mifanandrify amin'ny andraikitra sahaniny.

*> Samy enjehin'ny lalàna ihany koa na ireo izay nilatsaka ho mpanelanelana tamin'ny fanatanterahana ity heloka ity na ireo izay mahafantatra tsara kanefa nahazo tombontsoa vokatr'izany.*

- **Ny kolikoly mandray :**
Fitakiana na fangatahana na fandraisana fanomezana na tombontsoa tsy ara-dalàna ataon'ny mpiasa na tomponandraiki-panjakana voatendry na voafidy mba hanatontosany na tsia asa mifanandrify amin'ny andraikitra sahaniny.

*> Enjehin'ny lalàna ihany koa ireo izay mahafantatra tsara ny fisian'ny heloka kanefa nahazo tombontsoa vokatr'izany.*

2- **Ireo fandikan-dalàna manana endrika kolikoly :**

- **Ny fakam-bola tsy ara-dalàna :**
Fitakiana na fandraisan'ny tomponandraikim-panjakana sy mpitam-bolam-panjakana vola ho sarany na hetra na tambin-karama izay fantany fa tsy tokona aloa na mihoatra ny tokony aloa.

- **Ny fanomezana tombondahiny tsy ara-dalàna :**
Fanomezana na fikasana hanome tombontsoa tsy voamarina na mifanohitra amin'ny lalàna sy ny fitsipika miaro ny fitovian-jo amin'ny fifaninanana eo amin'ny tsenam-baro-panjakana, ny famindrana ny fitantanana ny raharaham-panjakana, ny fidirana eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana ary eo amin'ny fanjifana ny asa eny anivon'ny sampan-draharaham-panjakana rehetra.

*> Enjehin'ny lalàna ihany koa ireo izay mahafantatra tsara ny fisian'ny heloka ka nahazo tombontsoa vokatr'izany.*

- **Ny fanararaotana amin'ny fisahanana asa :**
Fanararaotana ataon'ny mpiasa, tomponandraiki-panjakana voatendry na voafidy, araka ny asa sahaniny na ny toerana misy azy, hanaovana asa mifanohitra amin'ny lalàna amam-pitsipika mba hahazoan'ny tenany na olon-kafa na vondrona tombotsoa tsy tokony ho azo

- **Ny fanararaotana fahafantarana olona :**
Fangatahana na fampanantenana tombontsoa ataon'ny olona iray manararaotra ny toerana tazoniny eo amin'ny fiaraha-monina mba ahazoany tombontsoa manokana amin'ny alalan'ny fampiasana izany toerany izany hanindrina sy hanangolena manam-pahefana na tomponandraiki-panjakana iray.

*> Samy enjehin'ny lalàna ihany koa na ireo izay manaiky ny fangatahana, na ireo izay nilatsaka ho mpanelanelana na ireo izay mahafantatra tsara ny fisian'ny heloka kanefa nahazo tombontsoa vokatry izany.*

## AHOANA NO TOKONY HO ATAO RAHA SENDRA IHARAN'NY TRANGANA KOLIKOLY NA MAHITA TRANGANA KOLIKOLY ?

Sahia mitoroka na mitory izany tranga izany avy hatrany.

## AIZA AVY NO AFAKA ANAOVANA IZANY ?

Manana safidy maromaro ilay olona voakasika:
- Manatona ny biraon'ny polisy na ny zandary eo amin' ny faritra nisian'ilay tranga mba hametraka fitoriana na hanao ny fitorohana;
- Manatona ny Birao mahaleo tena miady amin'ny kolikoly na ny BIANCO izay misy sampana manerana ny Faritany 6 eto Madagasikara;
- Mametraka fitoriana eny anivon'ny Fampanoavana ao amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany misy ny toerana nisehoan'ilay tranga na eny anivon'ny Fampanoavana eny amin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny kolikoly na ny PAC.

## MAIMAIMPOANA VE SA MISY VOLA ALOA NY FITORIANA ?

Eny, maimaimpoana avokoa izany

## VOAARO MANOKANA VE NY MPANAO FITOROHANA NA NY NIARAM-BOINA NA NY VAVOLOMBELONA ?

**ENY**, samy arovan'ny lalàna avokoa na ny mpitoroka na ny niaram-boina na ny vavolombelona amin'izay mety ho valifaty ataon'ny mpanao heloka.